



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiafana - Tanindrazana - Fandrosoana

TATITRY NY FILAN-KEVITRY NY MINISITRA

Alarobia 21 Febroary 2024, Lapam-panjakana Iavoloha

Notanterahina teny amin'ny Lapam-panjakana Iavoloha androany Alarobia faha-21 Febroary 2024 ny Filan-kevitra ny Minisitry, notarihin'Andriamatoa Andry RAJOELINA, Filohan'ny Repoblikan'i Madagasikara ary natrehin'Andriamatoa NTSAY Christian, Praiminisitry lehiben'ny Governemanta, sy ireo Minisitry isan-tokony rehefa nisy fiatoana ny herinandro lasa teo noho ny fivahiniana ny Filoham-pirenena tany ivelany.

I. FAMPITANA AM-BAVA

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

Araka ny toromarika efa nomena ny mpikambana ao amin'ny Governemanta mikasika ny fanatanterahana ny Politika Ankapoben'ny Fanjakana, dia nanolotra teo anivon'ny Filan-kevitra ny Minisitry ny sori-dalana hitantanany ny Ministery izay sahaniny ireo Minisitry voatondro. Navoitra manokana ireo asa efa notanterahina hatramin'ny fiatombohan'ny fe-potoam-piasana ary ireo asa maika tsy maintsy hotanterahina ao anatin'ny 100 andro.

1. Minisiteran'ny Fampianarana Teknika sy sy Fanofanana arak'asa

Anisan'ny departemanta stratejika amin'ny fanatanterahana ny andry voalohany amin'ny vinan'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika amin'ity fepotoam-piasany vaovao ity ny fanofanana arak'asa, ao anatin'ny fampiroboroboana ny loharanon-karena maha-olona. Nanao jery tombana ny asa vitany tao anatin'ny 30 andro voalohany, sy ny tohin'ny asa ao anatin'ny 70 andro manaraka ny Minisitry tompon'andraikitra. Tanjona ny hiantohana ny fahafahan'ny tanora sy vehivavy ary ireo sokajin'olona efa tokony hiasa rehetra mahazo fiofanana arak'asa mifanojo amin'ny filan'ny sehatry ny asa, mba hampihipanana haingana ny tahan'ny tsy fananana asa. Hanatrarana izany dia anisan'ny fandaharanasan'ny Minisitry ao anatin'ny 100 andro ny fanaovana fampiofanana faobe (formation de masse) ka rehefa vita fiofanana ireo mpisitraka izany dia na ho afaka miditra miasa avy hatrany any anatin'ny orinasa isan-karazany, na ho afaka hanangana ny orinasany ka handraharaha amin'ny anaran'ny tenany manokana.

Efa nanomboka izany fampiofanana faobe izany, mikasika ny asa manodidina ny aterineto (métiers du web) ka hiroso avy hatrany amin'ny fampihonana ireo tanora vita fiofanana sy ny mpampiasa ny minisitry mba hisian'ny fandraisana mpiasa manana ny fanamarinam-piofanana. Natomboka teto Antananarivo, hotohizana any Toamasina, ary hihitatra amin'ny faritra efa misy orinasa misehatra amin'io sehatr'asa io ny fampiofanana ireo tanora.

Efa nanomboka koa ny fampiofanana amin'ny fanaovana rarivato (pavé), famakiana vato, fanefena ary fametrahana azy ireny amin'ny fanamboaran-dalana teny Ambohidratrimo Faritra Analamanga sy tany Faratsiho Faritra Vakinankaratra. Hotohizana any amin'ny Faritra hafa manana karieram-bato ihany koa ny fampiofanana faobe.

Ankoatra izay dia ao anatin'ny asa andalam-panatanterahana ho an'ny Minisitery ny fametrahana fifanarahana amin'ny Sendikan'ny Indostria eto Madagasikara (SIM) mba hampifanojoana ny fampiofanana omen'ny Minisitery amin'ny filàn'ireo orinasa tsy miankina, torak'izany koa eo amin'ny sehatry ny orinasa afaka haba izay tena mila mpiasa maro manana fahaiza-manao amin'ny resaka fanjairana.

Hatomboka any Toamasina ihany koa ny fandaharanasa fampiofanana faobe ireo vehivavy marefo sy mamelon-tena amin'ny asa manodidina ny zaitra, ka hanomezana azy ireo fitaovana fanjairana ahafahany miasa avy hatrany raha vantany vao vita ny fiofanana.

Eo amin'ny resaka fotodrafitrasa dia mila fanarenana maika daholo ireo toeram-pianarana teknika sy toeram-piofanana izay efa feno fahasimbana manerana ny Nosy. Misy ny asa fanarenana amin'ny alalan'ny "tagnamaro", fa misy kosa ny asa lehibe tsy maintsy hanaovana tsenan'asam-panjakana na hitadiavana mpiara-miombon'antoka ny fanatanterahana azy.

Ary farany dia anisan'ny tetikasa mitondra fihavaozana lehibe hataon'ny Minisitery ny fananganana ny foibe fampiofanana faobe sy fikotrehana orinasa (formation de masse et incubation professionnelle) efa manomboka ihany koa ankehitriny, ary ny famolavolana fitaovana sy fanaovana fandaharam-piofanana ho an'ny tanora amin'ny alalan'ny fampiasana ny teknolojia vaovaon'ny fifandraisana, ka hahafahan'izy ireo manaraka fiofanana na aiza na aiza misy azy ireo manerana an'i Madagasikara.

Ao anatin'ny 100 andro dia kendrena ho 250.000 no totalin'ny olona hahazo fiofanana arak'asa na mivantana na amin'ny alalan'ny aterineto, 1.000.000 kosa no tanjona ao anatin'ny 12 volana.

2. Minisiteran'ny Tontolo iainana sy Fandrosoana Lovainjafy

- **Ny fambolena hazo amin'ny velaran-tany 40.000Ha no tanjona apetraka ao anatin'ny 100 andro**, manerana ny faritra 23. Hatreto dia 19.423Ha, izany hoe 48,56% ny tanjona nofaritana, no efa voavoly nanomboka tamin'ny 26 janoary 2024 izay fotoam-panokafana ny taom-pambolen-kazo 2023-2024.

Marihina fa nametraka tanjona ny hamboly hazo amin'ny velaran-tany 75.000Ha isantaona ny Ministery.

Ho fanaraha-maso ny fambolen-kazo manerana ny Nosy dia misy ny rindram-baiko (logiciel) manokana izay niarahana namolavola tamin'ny Ministeran'ny fampiroboroboana ny haitao ara-kajy mirindra izay manome ireo antotan'isa isaky ny distrika tsirairay.

- Tetikasa izay imasoan'ny Ministery ihany koa ny **fametrahana "Arboretum" sy "parc botanique" ao Ambatobe**, izay tetikasan'ny Filoham-pirenena araka ny tapaka nandritran'ny Filan-kevitra ny Minisitry ny faha-24 janoary 2024.

Tratrarina ao anatin'ny 100 andro ny famafana sy fiarovana ny toerana, ny fanamboarana ny drafitra fanajariana ary ny famaritana ireo karazana zavamaniry hambolena ao anatiny. Roa taona moa no faharetan'ny asa iray manontolo.

Tanjona ao anatin'ny 100 andro ihany koa ny hanajariana velaran-tany mirefy 1Ha ary hambolena zana-kazo vaovao miisa 500. Imasoana manokana ireo hazo tsy fahita afa tsy eto Madagasikara.

- Hametraka ny **"vitrine de la biodiversité de Madagascar"** eo amin'ny **Lapam-panjakana Iavoloha** ihany koa ny Minisitery. Ao dia hahitana taninketsa lehibe (pépinière

géante) ho an'ireo karazan-java-boahary tsy misy afa-tsy eto Madagasikara toy ny ravinala, baobab, hazo sarobidy isan-karazany...

Hihavaka tokoa ny toerana satria hambolena hazo fihinam-boas sy voninkazo ka hisy "orchidarium" sy "palmarium"; ho hita eo ihany koa ny fampirantiana ireo toerana mampiavaka an'i Madagasikara tahaka ny "tsingy de Bemaraha", "allée des baobabs"; Hahitana ihany koa toerana fiompiana lolo na "serre à papillons" izay tsy fahita raha tsy eto Madagasikara.

Eny amin'ny toerana ambony indrindra dia hametrahana ny fitahirizan-drano sy ny toerana hahafahana mijery lavitra ireo zava-boahary ireo (point de vue). Marihina fa hampiasana ny fivoarana ara-teknolojika ny fiantohana ny fanondrahana ny toerana sy ny fanodinana zezika ity tetikasa ity.

MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY

Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fandraisana anjaran'ny Tafika Malagasy amin'ny fanazaran-tena an-dranomasina antsoina hoe CUTLASS EXPRESS 2024 izay tafiditra ao anatin'ny fiarahamiasan'i Madagasikara sy Etazonia. Natao hanamafisana ny fiarovana an-dranomasina, hanatsarana ny fahaiza-manaon'ny tafika sy fifampizarana torohay, ary fanamafisana ny fomba fiasan'ny foibe fanarahamaso an-dranomasina (centres d'opérations) ity fanazaran-tena ity.

Mandray anjara matetika amin'ity fanazaran-tena ity i Madagasikara miaraka amin'ireo firenena hafa toa an'i Djibouti, Kenya, na koa i Tanzania.

Ho an'ity andiany 2024, manamboninahitra iray ao amin'ny Tafika an-dranomasina no efa nandray anjara tamin'ny fanomanana voalohany, manelanelana ary famaranana tamin'ny taona 2023. Nisy ihany koa ny atrikasa momba ny vehivavy, ny filaminana sy ny fandriam-pahalemana ny 12 hatramin'ny 16 febroary 2024 izay natao teto Antananarivo. Ho an'ny dingana fanazaran-tena farany izay ho tanterahina any Djibouti sy Kenya ny 26 febroary ka hatramin'ny 8 martsa 2024, dia miaramila malagasy miisa 21 avy amin'ny Tafika an-dranomasina no handray anjara.

Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny hanatanterahana ny fanazaran-tena ara-miaramila antsoina hoe « Papangue 2024 » atsy amin'ny Nosy La Réunion, izay fiarahamiasan'i Madagasikara amin'ny tafika frantsay aty amin'ny faritra atsimon'ny ranomasimbe Indiana (FAZSOI) izay hatao ny 08 ka hatramin'ny 12 Aprily 2024.

Ny tanjon'ity fanazaran-tena ity dia ny hampiofana ireo foloalindahy amin'ireo firenena mandray anjara (Frantsa, Kaomoro, Seychelles, Maorisy, Botswana ary Madagasikara) hiomana amin'ny fanoherana ireo hetsika fikomiana.

Miaramila malagasy miisa dimy amby valopolo (85) avy amin'ny Tafika an-tanety, an-dranomasina sy an'habakabaka no handray anjara amin'izany fanazaran-tena izany. Ny firenena frantsay no handray an-tanana ny fandanianana rehetra amin'ny fitaterana sy ny fiantranoan' ireo mpandray anjara. Ho fanomanana izany dia hisy ny atrikasa hatao any amin'ny Nosy la Réunion manomboka ny 19 ka hatramin'ny 23 Febroary 2024.

MINISITERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny tatitra ny dian'ny delegasiona malagasy notarihin'ny Filohan'ny Repoblika, nanatrika ny fihaonana an-tampon'ireo governemanta sy mpitondra maneran-tany tany Dubai Emirats Arabes Unis, tamin'ny 12 ka hatramin'ny 14 Febroary 2024, sy ny fihaonana an-tampon'ny Vondrona afrikana tany Addis-Abeba Ethiopie andiany faha-37 tamin'ny 14 ka hatramin'ny 18 Febroary 2024.

Voaasa manokana handray anjara tamin'ny "World Governments Summit" ny 12 hatramin'ny 14 febroary 2024 tany Dubai i Madagasikara.

Nandritra ny fihaonana an-tampony dia nandray anjara fitenenana Andriamatoa Filohan'ny Repoblika ary nahafahany nanolotra ireo laharam-pahamehan'ny Fanjakana malagasy mahakasika ny « **fampiroboroana ho marolafy ny toekarena, ny fanamafisana ny rafitra ara-pahasalamana ary ny fanavaozana ny rafitra ara-panabeazana sy ny fanofanana arak'asa eto Madagasikara** ».

Ankoatra izay dia nihaona tamin'ireo mpitondra ambony ao Emirats Arabes Unis ny delegasiona malagasy notarahin'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika :

- Andriamatoa Sheikh Shakhboot Al Nahyan, Minisim-panjakanan'ny Raharaham-bahiny : nampahafantarana ireo tetikasam-pampandrosoana izay ilana fampiasam-bola, toy ny tetik'asa fananganana ny Fari-piadidiana ara-toekarena manokana (ZES) sy ireo tetik'asa mahakasika ny fambolena sy ny fiompiana, ny fizahan-tany, ny fananganana indostria mpanodim-bokatra ara-tsakafo sy ireo harena ankibon'ny tany, ary ny fampiroboroana ny tetik'asa « écolodge de luxe » na « éco-resort » eny amin'ireo toerana fizahan-tany eto Madagasikara izay manandaza eran-tany.

- Ny Mpanjaka Sheikh Hamen Bin Zayed Al Nahyan, rahalahin'ny Mpanjaka Mohammed Ben Zayed Al Nahyan (Emir- Abu Dhabi) sady Tale misahana ny fampiasam-bola ao Abu-Dhabi : nangatahina ny fanampian'ny governemanta Emirati, amin'ny alalan'ny fisitrahana ny « Fonds souverain des Emirats Arabes Unis et ses retombées » hamatsy vola ny fanatanterahana ireo tetikasam-pampandrosoana voatanisa etsy ambony, miampy ireo asa-fanorenana vinavinain'ny Governemanta, toy ny fiarovana ny fari-dranomasin'ny Nosy izay mahatratra 5.000km, ny fanamboaran-dalana 10.000 km ao anatin'ny 5 taona sy ny toho-drano mpamokatra herinaratra Sahofika ao amin'ny renirano Onive, izay manana taham-pamokarana 192MW ary azo hitarina hatramin'ny 300 MW.

- Andriamatoa Mohammed Al Hawi, Sekretera Lefitra eo anivon'ny Ministeran'ny fampiasam-bolan'ny Emirats Arabes Unis : nojerena ireo tari-kevitra momban'ny fiaraha-miasa eo amin'ny firenena roa tonta, toy ny tetikasa eo amin'ny sehatry ny angovo (anisan'izany ny fahafahana mamatsy vola ny fanamboarana ny toho-drano mpamokatra herinaratra Sahofika), ny fambolena sy ny fiompiana, ny fizahan-tany ary ny indostria. Andriamatoa Sekretera Lefitra moa dia naneho ny fahavononany hanohana ny Fari-piadidiana ara-toekarena manokana (ZES) arahin'ny fanamboarana seranam-piaramadinina, seranan-tsambo ary ny fampiasam-bola amin'ny fanana-mifaka (investissements immobiliers) amin'ireo trano fandraisam-bahiny sy « resort » amin'ny velaran-tany mahatratra 10km² eto Madagasikara. Voaresaka ihany koa ny fitsidihan'ireo manam-pahefana Emiratis aty Madagasikara.

- Ny Mpanjaka Sheikh Ahmed Bin Saeed Al Maktoum, Filoha sy Tale jeneralin'ny Emirates Airline & Group : naneho ny fahavononany hametraka sidina mivantana mampifandray an'i Emirats Arabes Unis sy Madagascar.

Nisy ihany koa ny fanaovan-tsonia Fifanarahana teo amin'ny Ministry ny Raharaham-bahinin'ny Emirats Arabes Unis sy ny Minisitry ny raharaham-bahiny malagasy momban'ny ny fanofanana ireo tompon'andraikitra ambony eo anivon'ny Fanjakana, miampy ireo tetik'asa fanofanana tanora Malagasy amin'ny sehatry ny «coding informatique».

Raha ny fihaonana tamin'ny Praiministra Indiana kosa dia nahafahana nanao jery todika ireo fiaraha-miasa indrindra eo amin'ny lafiny indostria ara-tsakafo (toy ny vary), ny ODOF (one District, one Factory) ary ny indostria fanamboarana fanafody.

Nivoitra nandritran'ny dia tany Dubai fa tsy maintsy hapetraka haingana ny masoivohon'i Madagasikara any amin'ny Emirats Arabes Unis mba ho fanafainganana ireo tetikasa samihafa ireo ao anatin'ny fifanaraham-piaraha-miasan'ny firenena roa tonta.

Nitohy tany Addis-Abeba, Ethiopie, ny dian'ny delegasiona notarihin'ny Filohan'ny Repoblika ary nanatrika ny andiany faha-37 ny fihaonana an-tampony ho an'ny Vondrona Afrikana. Nandritran'ny fivoriana dia noderain'ireo mpikatroka momba ny fandrindram-pahefana miandany amin'ny "Paix et Sécurité" manokana ny famindram-pahefana ara-demokratika nisy teto Madagasikara tamin'ny taona lasa.

Nisongadina ihany koa ny fihaonan'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika tamin'ny Praminisitra Morisiana. Nahafahana niresaka ny lafiny maro amin'ny fiaraha-miasa eo amin'ny firenena roa tonta izany. Anisan'izany ny fanamafisana ny fifandraisana ara-barotra, ny tetik'asa « roadshow » ara-toekarena sy varotra an-dranomasina, dia ny fametrahana "shipping line" mba hanamorana ny fifanakalozan'ireo Nosy eo anivon'ny Ranomasimbe indiana. Voresaka ihany koa ny fanomezana aina sy ny fanatanterahana ny Fari-piadidiana ara-toekarena manokana (ZES) eo amin'ny Maorisy sy Madagasikara, mba ahafahan'ny mponin'ireo firenena roa tonta misitraka izany.

Ny Filoha lefitry ny Banky Iraisam-pirenena ihany koa dia nanana fotoana manokana tamin'ny Filohan'ny Repoblika ho fanamafisana ny fifampitokisana sy fiaraha-miasa misy eo amin'i Madagasikara sy ny Banky iraisam-pirenena. Tetikasa 26 no iaraha-manatanteraka ankehitriny ary mitentina 4 miliara sy 130 tapitrisa dolara amerikanina ny fampiasam-bola amin'izany.

MINISITERAN'NY FITSARANA

Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fanomezana alalana ny minisitera hampiasa ny "postes budgétaires" ahafahana mandray mpianatra mpiraki-draharaha miisa 250 sy mpianatra mpitsara miisa 150 ao amin'ny Sekoly Ambony manofana no mpitsara sy mpiraki-draharaha (ENMG) ho an'ity taona 2024 ity. Aorian'izao dia ho afaka hiroso amin'ny fikarakarana ny fifaninana hiditra ao amin'ity sekoly ambony ity ny Minisitera.

MINISITERAN'NY FITSINJARAM-PAHEFANA SY NY FANAJARIANA NY TANY

Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny fananganana rafitra anankiray misahana ny fandrindrana sy ny fanarahana ary ny fanaraha-maso ny tetikasa rehetra izay mila fanaovana fanesorana olona amin'ny taniny na « expropriation » noho ny tombontsoan'ny besinimaro.

Hahitana ireo minisitera voakasiky ny tetikasa izany rafitra hatsangana izany, fa ny minisiteran'ny fanajariana ny tany kosa no mitarika azy. Hatao handrindra ny asa moa no tena antony ilaina ny rafitra, satria ny tsikaritra dia mitarazoka lava hatrany ny dingana samihafa hanaovana ity fanesorana olona amin'ny taniny (expropriation) ity, noho ny tsy fahampian'ny fahalalana ny andraikitry ny mpisehatra rehetra ao anatin'izany dingana rehetra izany.

Ny tanjona dia ny hanamora ny fifandraisana eo amin'ny minisitera, hiantohana ny fanarahana ny fe-potoana, hamaritana mazava tsara ny andraikitra isaky ny dingana ary hamaha haingana izay olana mety hitranga.

Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny tetiandro mifandraika amin'ny fampiharana ny fanavaozana ny Lalàna laharana 2008-014 tamin'ny 23 Jolay 2008 momba ireo tany fananana manokan'ny Fanjakana (domaine privé de l'Etat), ireo

vondrom-bahoaka itsinjaram-pahefana ary ireo orinasam-panjakana na rafim-panjakana isan-karazany na "personnes morales de droit public".

Ny fanavaozana ity lalàna ity dia mifanindran-dalana amin'ny politikan'ny fananan-tany imasoan'ny Fitondram-panjakana ankehitriny izay mifototra amin'ny fitantanandraharaha mangarahara, tsy mitanila ary mampiaty ho an'ny fampandrosoana lovain-jafy. Hafainganina ny dingana fanatanterahana izany ka ezahina hivoaka ao anatin'ny telo volana mba hahafahana miantoka bebe kokoa ny fiarovana ny tanim-panjakana tsy hisy hivarotra tsy ara-dalàna. Hatolotra eto anivon'ny Filan-kevitra ny Minisitry ny volavolan-dalana nasiam-panovana.

Nankatoavin'ny Filan-kevitra ny Minisitry ny hanomezana ny ampahan'ny tany « Amboniandrefana 1-5 » TN°15 150-B sy « Amboniandrefana 6-7 » TN°15 154-B, any Ambatombolamena, Fokontany d'Amboniandrefana, Kaominina Ambanivohitra Ambalavao, distrikan'Antananarivo Atsimondrano, Faritra Analamanga, ho an'ny fiadidiana ny Primatiora mba hanaovany faritra fambolena-kazo (zone de reboisement) an'ireo ampahana tany ireo. Tamin'ny volana Mey 1992 dia nomena ny Fokontany Amboniandrefana ny tany izay efa fambolena-kazo hatrizay. Fa ny didim-pitondrana ihany koa nefa afaka mamerina ny tany amin'ny Fanjakana raha misy ny ilaina izany hanohizany ny antony ampiasaina ny tany. Ka mba hahafahan'ny fiadidiana ny Praiminisitry mampiasa ny tany ho faritra fambolena-kazon'ny dia tapaka fa hofanana ilay didim-pitondrana teo aloha.

MINISITERAN'NY FITSINJARAM-PAHEFANA SY NY FANAJARIANA NY TANY + MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA

Nankatoavin'ny Filan-kevitra ny Minisitry ny hanomezana ny tany antsoina hoe « LE HARAS » TN°1592- BA ao Ambalamanasy, kaominina Toamasina II, faritra Atsinanana an'ireo fokonolona efa mipetraka eo ambonin'io tany io.

Ity velaran-tany izay mirefy 174ha 09a 90ca ity dia nomena ny sampan-draharaha fitsaboana biby « service vétérinaire des haras et de l'élevage » tamin'ny 30 Mey 1942. Tsikaritra anefa fa tsy nampiasain'io sampan-draharaha io tamin'ny antony namaritana azy tany aloha ny tany, fa efa lasa nisy olona nipetraka teo nandritra ny taona maro. Mangataka ny fandaminana araka ny lalàna ny fahafahany mipetraka eo an-toerana araka izany ireo olona ireo. Ka mba hahafahana manatanteraka izany dia tsy maintsy miroso amin'ny fanafoanana amin'ny ampahany ny fepetra fandràna ny fanomezana tany ho an'ny olon-tsotra aloha ny Fanjakana, mikasika manokana io tany antsoina hoe "Le haras" io, ary rehefa izany dia hirosoana ny fanaovana fanomezan-tany faobe (operation domaniale massive) an'ireo olona efa mipetraka eo ambonin'izany velaran-tany izany.

MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY INDOSTRIA SY NY VAROTRA

Mba hampaharitra ny fampiodinana ireo orinasa natsangana tao anatin'ny tetikasa "One district, one Factory" dia **nankatoavin'ny Filan-kevitra ny Minisitry ny hirosoan'ny Minisitry amin'ny fanaovana antso ho an'izay mpiara miombona antoka ara teknika sy mpandraharaha tsy miankina (appel à manifestation d'intérêt) liana amin'ny fitantanana ireo orinasa atsangana ireo.** Manaiky hiantoka ny fikajiana, ny fikojakojana ary ny fampiodinana ny milina nomena tao anatin'ny tetikasa ny mpandraharaha izay mamaly ny antso, ny minisitry kosa dia hanampy amin'ny fanohanana ara-stratejika mikasika ny fomba fampandehanana izany orinasa izany.

Hojerena ihany koa ny fiaraha-miasa amin'ny fitadiavana lalam-barotra ho an'ireo vokatra vokarina eny anivon'ireny orinasa ireny.

MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA + MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRAN'DRO

Mbola miparitaka amina firenena any atsinanana sy tendron'i Afrika ny valan'aretina kôlera amin'izao fotoana izao. Andro vitsivitsy lasa koa anefa izay dia tsikaritra fa miha-

mirongatra izany valan'aretina izany atsy amin'ny Nosy Kaomoro. Noho izany dia **nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitry ny fampiatoana ny fifamoivoizana andranomasina avy atsy Kaomoro, mandra-pahavoafehy ny fihanaky ny valan'aretina.** Na izany kosa aza dia omena alalana manokana kosa ny sambo lehibe mpitatitra entana stratejika tahaka ny solika, etona fandrehitra sy ny sisa, fa saingy tsy maintsy manaraka ny fepetra ara-pahasalamana entitra ary tsy mahazo mivoaka ny sambo ireo ekipa mpanamory sy mpiasa ao anatiny rehetra. Ankoatra izay koa dia ampiharina ny fepetra ara-pahasalamana fisorohana (traitements chimio-prophylactiques) ho an'ireo sidina an'habakabaka avy amin'ny firenena afrikana rehetra misy ny valan'aretina kôlera, indrindra ny amin'ny seranam-piaramanidina Mahajanga ary nanome toromarika Andriamatoa Filohan'ny Repoblika mba hisy ny serasera mazava hanazavana amin'ny mpandeha rehetra miainga avy amin'ireo firenena ireo ny fepetra ara-pahasalamana izay tsy maintsy hampiharina.

Ny tanjona dia ny tsy hidiran'io valan'aretina io eto Madagasikara.

Etsy ankilany anefa, dia nandray fepetra avy hatrany ny Ministery ary nitsinjara mialoha manerana ny Nosy ireo fitiliana (tests) sy ireo fanafody fitsaboana ity aretina ity.

MINISITERAN'NY MPONINA SY NY FIRAISANKINA

Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitry ny fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny zon'ny vehivavy, ny 08 martsa 2024 hatao any Toamasina faritra Atsinanana. « Vehivavy miarina sy miray hina, firenena mandroso », izay no lohahevitra nofidiana hanaovana ny fankalazana amin'ity taona ity, izay marihina fa hiavaka satria manamarika koa ny faha-zato taonan'ny fanamarihana ny andron'ny 08 martsa maneran-tany. Eo ambany fahian-dRamatoa Mialy RAJOELINA, vadin'ny filohan'ny Repoblika ny fankalazana rehetra no hatao, ary izy no hitarika ny hetsika samihafa izay hotontosaina any Toamasina. Fanomezan-danja ny zon'ny vehivavy, fampizakana tena ireo vehivavy amin'ny fanomezana tosiha azy ireny eo amin'ny sehatra isan-karazany izay misy azy ireo, fanentanana amin'ny fanaovana fandrindram-piterahana ary fanampiana ireo vehivavy misehatra amin'ny fiarovana ny tontolo iainana no tena hasongadina amin'ity fankalazana ho an'ny taona 2024 ity.

MINISITERAN'NY FIZAHANTANY SY NY ASA TANANA

Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitry ny famindrana ny ampahany amin'ny tany "Nouveau Quartier et Logements Sociaux Ivato Aéroport TNo 38-183-H" ho fanatanterahana ny tetikasa " Cité des Métiers". Tanjon'ity tetikasa ity ny hanomezan-danja ny asa tanana vita malagasy sy ny famoronana asa.

Raha tsiahivina dia efa nisy ny taratasy nataon'ny Ministery misahana ny fanajariana ny tany tamin'ny 10 desambra 2020 milaza ny tsy fandavany izany fanomezana ampahan'ny tany izany, ka tsy misy ny sakana tsy ahafahana miroso.

MINISITERAN'NY FITATERANA SY NY FAMANTARANA NY TOETRANDRO

Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitry ny fangatahana ho fanakanana ny dingana rehetra mikendry ny fahazoana ny tany voasoratra amin'ny Ministery misahana ny fitaterana sy ny famantarana ny toetrandro ho ana olon-tsotra.

Tsikaritra fa maro ireo tanim-panjakana izay ahitana fangatahana tsy ara-dalana nefa ilain'ny ministery amin'ny fanatanterahana ireo tetikasany.

Hisorohana indrindra ny adin-tany lavareny izay maha-taraiky ny fanatanterahana ny asa no angatahana izao fanakanana izao.

Hisy ihany koa ny fanentanana eny anivon'ny ratsamangaikam-panjakana rehetra mikasika ny tanim-panjakana.

MINISITERAN'NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA ARY NY ASAM-PANJAKANA

Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitry ny fampitana am-bava momba ny fitokanana ny fametrahana ny habaka "e-work" ny 27 febroary 2024. Ny "e-work" dia hanome fahazoan-dalana hiasa sy fahazoan-dalana hampiasa mpiasa vahiny amin'ny alalan'ny haitao ara-kajy mirindra (digitalisation d'octroi de permis de travail ou d'autorisation d'emploi des salariés étrangers). Ity tetikasa ity dia mifanindran-dalana amin'ireo fanavaozana apetraka amin'ny fanatsarana ny tontolon'ny fandraharahana sy fampiasam-bola eto Madagasikara izay novatsian'ny Vondrona Eoropeana vola hiarahana amin'ny EDBM. Ity tetikasa ity dia mifanaraka ihany koa amin'ny politika ankapoben'ny fanjakana sy ny andry fahatelo amin'ny fampandrosoana napetraky ny Filoham-pirenena dia ny fanjakana tsara tantana.

Efa vita ny fampiofanana ireo hikirakira ity tetikasa ity ary efa vonona ihany koa ny fitaovana mifandraika amin'izany. Fahazoan-dalana miisa hatramin'ny 3000 eo no vinavinaina omena sy arahin'ny EDBM amin'ny alalan'io tetikasa io.

MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY FANDROSOANA LOVAIN-JAFY

Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitry ny handraisan'i Madagasikara ny andiany faha 11 amin'ny "Conférence des Parties (COP11) de la Convention de Nairobi", ny 10 hatramin'ny 16 jona 2024 eto Antananarivo.

I Madagasikara no Filohan'ny biraon'ity "Convention de Nairobi" nanomboka ny taona 2022 hatramin'ity taona 2024. Ny handraisantsika ity fihaonana lehibe ity dia fotoana hanasongadinana ny ezaka ataon'ny Governemanta mikasika ny fiarovana sy fampandrosoana ny harena voajanahary an-dranomasina sy amorontsiraka, ary koa hanamafisantsika ny politika iraisam-pirenena mifandray amin'ny fitantanana harena an-dranomasina mifanindran-dalana amin'ny fampiroboroboana ny ara-toekarena manga.

Masoivoho sy ny minisitry misahana ny tontolo iainana avy amin'ny firenena maro tahaka an'i Afrika Atsimo, Mozambika, Tanzanie, Kenya, Somalie, Comores, Seychelles, Maurice ary Frantsa (La Réunion) miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola no handray anjara amin'ny fivoriana. Ny Sekretaria mikasika ny fifanarahana'i Nairobi sy ny fandarahanasan'ny firenena mikambana momba ny tontolo iainana (PNUE) no mandray an-tanana ny fikarakarana ny fivoriana miaraka amin'ny Minisitry tompon'andraikitra.

Amporisihan'ny Filoham-pirenena manokana ny handraisantsika ny fihaonana lehibe tahaka izao satria mampamiratra an'i Madagasikara eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena

MINISITERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FANDROSOANA LOVAIN-JAFY + MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

Nankatoavin'ny Filan-kevitry ny Minisitry ny fomba itsinjarana ny tamberim-bola azon'i Madagasikara amin'ny fandaharanasan'ny REDD + na ny « revenus carbone du programme REDD+ » amin'ny Atiala Atsinanana, ho an'ny taona 2020.

Ho an'ny Atiala Atsinanana dia efa mipetraka ao amin'ny "Compte d'affectation Spéciale" ny tetibola avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena. Tapitra amin'ny 2025 ny fe-potoana fanatanterahana ny tetikasa ka hafainganana araka izany ny fitsinjarana ireo tetibola amin'ireo mpiantsehatra.

Mangarahara ny fitsinjarana ny famatsiam-bolan'ny REDD+ ary araka ny toromarika nomen'Andriamatoa Filohan'ny Repoblika kosa anefa dia takiana ny antsipirihan'ny fampiasana ny vola (programme d'emploi) ho an'ireo sampan-draharaha rehetra hisitraka izany tamberim-bola izany.

II. FANDRAISANA DIDIM-PANJAKANA

MINISITERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA + MINISITERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA

Noraisin'ny Filan-kevitry ny Minisitra ny volavolan-dalana mankatoa ny fifanaraham-pindramam-bola mifandraika amin'ny famatsiana ny tetikasa TALAKY BE natao tamin'ny 24 jolay 2023 teo amin'ny Repoblikan'i Madagasikara sy Agence Française de Développement.

Mitentina 20 tapitrisa ity fifanarahana ity ary kaominina miisa 25 ao amin'ny Faritra Anosy no hisitraka ity tetikasa ity izay hiompana amin'ny fampiroboroboana ny fambolena sy fiompiana ary ny tontolo iainana.

